



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana • Tanindrazana • Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-281

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA  
LAHARANA FAHA-022/2023 TAMIN'NY 04/10/2023 "MODIFIANT ET COMPLETANT  
CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2018-043 DU 13/02/19 SUR LA LUTTE CONTRE LE  
BLANCHIMENT DE CAPITAUX ET LE FINANCEMENT DU TERRORISME".

Fivoriana faha-9  
Natao ny  
Alarobia 13 Desambra 2023  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa HENRI Jean Michel

**FOTOANA:** Alarobia 13 Desambra 2023, tamin'ny **10** ora sy 55 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2023 tamin'ny 04/10/2023 “modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2018-043 du 13/02/19 sur la Lutte Contre le Blanchiment de Capitaux et le Financement du Terrorisme”.

Nitohy ny Alarobia 13 Desambra 2023, tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa HENRI Jean Michel no nanatanteraka izany.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nilaza fa misy Tolo-dalàna miisa roa tonga eto amin'ny Antenimierampirenena izay avy tany amin'ny Antenimierandoholona, ka tokony handraisany ny fivoriambe fanapahan-kevitra ny handinihana azy ireo.

Ireto izany Tolo-dalàna izany:

- laharana faha-01-2023/PPL/Sénat manova ny tovan'ny Lalàna laharana faha-2018-011 tamin'ny 11 Jolay 2018 manova sy mameno ny andininy sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 Septambra 2024 mikasika ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana natolotry ny Loholon'i Madagasikara RASOLONDRATSIMBA Raymond;
- laharana faha-02-2023/PPL/Sénat manova ny tovan'ny Lalàna laharana faha-2018-011 tamin'ny 11 Jolay 2018 manova sy mameno ny andininy sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 Septambra 2024 mikasika ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana natolotry ny Loholon'i Madagasikara Andriamatoa isany TSIEBO Mahaleo Richard sy ANDRIANANDRASANA Hajaniaina Tahina.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa raha sitraky ny Solombavambahoaka dia anio Alarobia 13 Desambra, amin'ny 3 ora, tolak'andro, no hatao ny asam-baomiera momba azy ireo ary rahampitso Alakamisy 14 Desambra 2023, amin'ny 4 ora, tolak'andro, kosa no handraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny fivoriambe ireo Tolo-dalàna ireo.

Nanao satroka, Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert ary nilaza fa nalefa ara-potoana tany amin'ny Antenimierandoholona ny volavolan-dalàna momba ny «propriété littéraire» kanefa nanambara ry zareo fa tsy manana fotoana handinihana azy.

Noho izany, manentana ny Solombavambahoaka mba hitsipaka ny handinihana ireo Tolo-dalàna ireo raha tsy handinika ny Tolo-dalàna narosony ny Antenimierandoholona.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa handraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny fivoriambe ny handinihana na tsia ireo Tolo-dalàna avy any amin'ny Antenimierandoholona tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka iray no nandany, Solombavambahoaka maro no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana ireo Tolo-dalàna miisa roa avy any amin'ny Antenimierandoholona tonga eto amin'ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka voalaza etsy ambony ny tenany ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomera voakasiky ny Volavolan-dalàna mba hamaky ny tatitra momba izany.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Talata 12 Desambra 2023, tamin'ny 9 ora sy 45 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ary ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana, nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2023 tamin'ny 04/10/2023 «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2018-043 du 13/02/2019 sur la Lutte Contre le Blanchiment de Capitaux et le Financement du Terrorisme».

Andriamatoa IDEALSON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- 1- IDEALSON
- 2- RAHERIARIJAOA Régina Clarisse
- 3- PEPIN Michou
- 4- RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- 5- RAFIDIMANANAN Narson

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Andriamatoa isany,

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. RAFIDIMANANA Narson

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana.

Ireto avy ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

RAKOTONDRAJERY R. Salohy  
RABE Anjaralalaina M.

DGAJER/MINJUS  
SAMIFIN/DRAF/DG pi

RAKOTOMALALA Nadia	DERL/MINJUS
RAZOARIHOLY Noroseheno	DES/SAMIFIN
RAZAFINDRAKOTO Zolalaina	CE/DES/SAMIFIN
RAZANAMANANA Haja Lalao	Resp. Centre SAMIFIN
RAZAFIARINELINA Tahiry	Chargé des Reformes SAMIFIN
RAHARIJAONA Tolotra	DAI/MEF
RANDRIANARISOA R. Nadia	DIV.AJ/DAI/MEF
ANDRIATOMPONY Faneva	RRI/SAMIFIN
RALAINDIMBY Tsilavo Haja	DRE/CSBF

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha, nomeny ny teknisiana avy hatrany ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ity Volavolan-dalàna ity.

Nambaran'ny teknisiana fa nanomboka ny taona 2018 dia efa nanana ny lalàna laharana faha-2018-043 tamin'ny 13 Febroary 2019 mahakasika ny ady atao amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiana ny asa fampihorohoroana ny firenena Malagasy. Hita fa tsy nahomby hiatrehana ireo asa fampihorohoroana mifandraika amin'ireo tranga mahakasika ny famotsiam-bola sy ny famatsiana ny asa fampihorohoroana anefa io lalàna io. Izany no nahatonga ny fanavaozana sy fanatsarana satria laharana pahamehana amin'ny fampihenana ny faharefoan'ny firenena izany. Hita ihany koa fa mila fanatsarana sy fanamafisana ny paikady entina hiadiana amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiana ny asa fampihorohoroana.

Ity Volavolan-dalàna ity dia manova sy mameno ny andininy sasantsasany amin'ny lalàna teo aloha. Toy izao avy ny fanovàna izay natao:

- Ny Volavolan-dalàna dia ahafahana mameno ny efatra amin'ireo tolo-kevitra enina lehibe naroson'ny GAFI na ny «Groupe d'Action Financière» (Tolo-kevitra faha-5 mifandraika amin'ny fandikan-dalàna amin'ny famatsiana ny asa fampihorohoroana; Tolo-kevitra faha-6 sy faha-7 momba ny sazy ara-bola nokendrena mifandraika amin'ny asa fampihorohoroana sy ny famatsiana ny asa fampihorohoroana amin'ny famotsiam-bola ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana mahery vaika; Tolo-kevitra faha-10 momba ny andraikitra amin'ny fitandremana mifandraika amin'ny mpanjifa; Tolo-kevitra faha-20 mifandraika amin'ny tatitra momba ny fifampiraharaha mampiahiahy);
- Fanatsarana ny fanarahan-dalàna ara-teknika ho an'i Madagasikara raha oharina amin'ny Tolo-kevitra hafa;
- Fanatsarana ny voambolana ampiasaina indrindra momba ny famaritana;
- Fametrahana fanamelohana vaovao mifandraika amin'ny famotsiam-bola sy ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana mahery vaika izay tsy azo sarahina amin'ny ady atao amin'ny fampihorohoroana sy ny famotsiam-bola;
- Fanamafisana ny fandraisana andraikiry ny Fanjakana sy fanitarana ny paikady nasionaly miady amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola ny asa fampihorohoroana amin'ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana mahery vaika;
- Fanatsarana ny mangarahara amin'ny asa ara-bola amin'ny alàlan'ny fametrahana famantarana ny vaovao;
- Fanamafisana ny fahitana ny famotsiam-bola, ny famatsiam-bola ny asa fampihorohoroana sy ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana mahery vaika amin'ny fanitarana ny andraikitra omena ny Sampandraharaha Malagasy miady amin'izany.

Ahitana andininy 22 ity Volavolan-dalàna ity:

- Ny **andiny voalohany** dia manova sy mameno ny andiny sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2018-043 tamin'ny 13 Febroary 2019;
- Ny **andiny faha-2** dia manova sy mameno ny fepetra ao amin'ny andiny santatra (article préliminaire) ka manitatra ny ady atao amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiana ara-bola ny asa fampihorohoroana amin'ny ady mikasika ny famatsiana ara-bola ny fanaparitahana fitaovam-piadiana mahery vaika. (Financement de la prolifération d'armes de destruction massive);
- Ny **andiny faha-3** dia mitondra fanovàna eo amin'ny famaritana ny atao hoe «famatsiam-bola ny asa fampihorohoroana» voalaza ao amin'ny andiny faha-2 ao amin'ny lalàna;
- Ny **andiny faha-4** dia mitondra fanovàna ao amin'ny andiny faha-4, teboka faha-13 ao amin'ny lalàna, mahakasika ny mpanjifa mahalana (client occasionnel).
- Ny **andiny faha-5** dia miompana amin'ny fampidirana ireo sokajin'asa vaovao miantsehatra amin'ny ady atao amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiana ara-bola ny asa fampihorohoroana ao anatin'ny famaritana voatanisa ao amin'ny andiny faha-4 ao amin'ny lalàna laharana faha-2018-043 mba hamenoana tanteraka ireo fepetra takian'ny Tolo-kevitra faha-22 mikasika ny orinasa tsy manao fampiasam-bola mivantana. Ireo sokajin'asa ireo dia nampidirina ao amin'ny andiny faha-4, ao amin'ny teboka mitondra ny laharana faha-19 (l), 19 (m), 19 (n), 33,34,35, 36,37,38 ary 39;
- Ny **andiny faha-6** dia manova ny andiny faha-7 ao amin'ny lalàna, ka nitondrana fanatsarana ny rafi-piaraha-miasa sy ny fandrindrana nasionaly manoloana ny famatsiana ara-bola ny fanaparitahana ny fitaovam-piadiana mahery vaika. Didim-panjakana raisin'ny Filankevitry ny Minisitra no hanaovana ny famoronana, ny fandaminana ary ny fomba fiasan'ny «Comité de Coordination et d'Orientation»;
- Ny **andiny faha-7** dia mampiditra andalana vaovao ao amin'ny andiny faha -8 mba hilazana fa hampidirana ireo andraikitra mikasika ny fepetra fahamalinana, fitehirizana ireo antontan-kevitra, fanambarana ireo fandraharahana mampiahiahy ho an'ireo orinasa tsy manao fampiasam-bola mivantana. Fepetra ara-pitsipika (Acte réglementaire) no hamerana izany;
- Ny **andiny faha-8** dia mampiditra andalana faha-8 sy faha-9 amin'ny andiny faha-13 ao amin'ny lalàna. Araka ny Tolo-kevitra faha-10-n'ny GAFI dia tsy maintsy mametraka fepetra fahamailoana mafimafy kokoa ireo «Institutions Financières» raha mahita fa ambony kokoa ny mety hisian'ny famotsiam-bola na famatsiana ara-bola ny asa fampihorohoroana. Amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika (voie règlementaire) no hamaritana ny haben'ny tataom-pahavoazana (niveau de risque);
- Ny **andiny faha-9** dia mampiditra andiny vaovao mitondra ny laharana faha-15 bis ao amin'ny lalàna momba ny fanamaivanana ny fepetra fahamailoana (mesures de vigilances) ataon'ireo “établissements assujetés” raha tsy misy ny mampiahiahy ary raha toa voahaja ny fepetra famantarana mazava ny mpanjifa.  
Mbola io andiny faha-15 bis io ihany koa no milaza, fa azon'ireo “établissement assujetés” ireo atao tsara ny tsy manantanteraka ny “opération” ary mampandre ny Sampandraharaha mpanangom-baovao avy hatrany raha toa misy mampiahiahy.
- Ny **andiny faha-10 dia manova ny andalana faha-7 sy ny andiny faha-16.d.** Fomba fiadin'ireo mpanao famotsiam-bola ny mampizarazara ny «virement par lot». Ny tanjona kendrena eto dia ny hamantarana ny mombamomba ny fizotran'izany.
- Ny **andiny faha-11** dia mampiditra andalana faha-8 vaovao ao amin'ny andiny faha-16.d, mamaritra ny andraikitr'ireo “service de transfert de fonds” izay mampiasa olona hanao izany;
- Ny **andiny faha-12** dia manova ny andiny faha-23, izay manitatra ny fahefan'ny SAMIFIN amin'ny ady atao amin'ny famatsiana ara-bola ny fanaparitahana ny fitaovam-

piadiana mahery vaika. Tsy afa-misaraka ny ady atao amin'ny famatsiana ara-bola ny fanaparitahana ny fitaovam-piadiana mahery vaika sy ny ady atao amin'ny asa fampihorohoroana;

- Ny **andiny faha-13** dia manova ny andalana faha-24 sy ny andiny faha-10 ka manome andraikitra ny «Service de renseignement» hitondra ny raharaha avy hatrany eny amin'ny «Autorité de Contrôle et de Surveillance» raha tsy voahaja ny fepetra fahamailoana izay napetraka;

- Ny **andiny faha-14** dia manova ny andiny faha-27 ao amin'ny lalàna momba ny "obligation de déclarer les soupçons". Nohafangainina ny fotoana hanaovana ny fitorohana ary tokony hanaovana izany ihany koa na dia mbola andrana aza (tentatives d'opérations);

- Ny **andiny faha-15** dia manova ny andiny faha-29 ao amin'ny lalàna mikasika ny «droit d'opposition du SAMIFIN à l'exécution des opérations suspectes». Nasiam-panovana ny lalàna, ka raha misy fandraharahana mampiahiahy goavana noho ny hamehana dia manatona avy hatrany ny Tonia Mpampanoa Lalàna mahefa ny SAMIFIN mba hahafahana mampiato izany fandraharahana izany (blocage des opérations);

- Ny **andiny faha-16** dia mampiditra andalana laharana faha-3, 4, 5 ao amin'ny andiny faha-31 momba ireo «Autorités de Contrôle et de Surveillance des Institutions Financières et des Entreprises et Professions Non Financières Désignées»;

- Ny **andiny faha-17** dia Lohatenin'ny Sokajy faha-II ao amin'ny Toko faha-II sy Lohateny faha-II mikasika ny sazy ampiharina amin'io sokajy io, ka ny resaka famatsiam-bola sy ny fanaparitahana fitaovam-piadiana mahery vaika no nampidirina teo;

- Ny **andiny faha-18** dia manampy ny andiny vaovao misy ny laharana faha-15 bis mitondra ny lohateny hoe: «Fanamaivanana ny fepetra fiambenana»; ny andiny faha-55 bis mitondra ny lohateny hoe: «Ny amin'ny famatsiam-bola sy ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana mahery vaika» ary ny andiny faha-55 ter dia mitondra ny lohateny hoe: «Fampiharana ny fanapahan-kevitra ny Filankevitra ny Filaminan'ny Firenena Mikambana (Conseil de Sécurité) amin'ny lafiny famatsiam-bola sy ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana mahery vaika»;

- Ny **andiny faha-19, 20, 21** ary ny **andiny faha-22** dia misahana momba ny fepetra farany sy ny fepetra hamehana.

Misy tombontsoa miisa efatra no ho azo amin'ity Volavolan-dalàna ity:

1. Lafiny Lalàna: fanarahana ireo Tolo-kevitra avy amin'ny GAFI mba hahatonga an'i Madagasikara tsy ho tafiditra ao anatin'ny «liste grise»;
2. Lafiny politika: ny fandanian'ny Antemierampirenena ny Lalàna mikasika ny ady amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny asa fampihorohoroana dia maneho sahady ny fandraisana anjaran'io Andrimpanjakana io amin'ny ady atao amin'ny famotsiam-bola sy ny asa fampihorohoroana eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Ny fandaniahana ity Lalàna ity dia anisan'ny fanatanterahana ny «plan de conformité» eto Madagasikara ary ny fankatoavana izany dia eo anivon'ny CNOC (Comité National d'Orientation et de Coordination de la Lutte contre le Blanchiment de Capitaux et le Financement du Terrorisme);

3. Lafiny ara-toekarena: fanamorana ny fampiraharaha amin'ireo mpamatsy vola mba hahafahana manohy ny ezaka efa nataon'i Madagasikara hisian'ny Fanjakana tsara tantana satria betsaka ireo sokajin'asa, rafitra sy fikambanana izay tsy maintsy nakan-kevitra amin'ny fanatanterahana azy ity;

4. Lafiny ara-tsosialy: hanafainganana ny fampanandrosoana ara-toekarena mba hanamorana ny ady amin'ny tsy fananan'asa, ny fisondrotry ny vidim-piainana...sns, izay mitarika krizy ara-tsosialy.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

**FANONTANIANA SY VALINY:**

- 1- Maninona no amin'izao fotoana izao vao tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ity Volavolan-dalàna ity?

Fotoana maro no lany tamin'ny famolavolana ity Volavolan-dalàna ity ary betsaka ireo sokajin'asa, rafitra, «institutions financières, associations professionnelles» ...sns izay tsy maintsy nakan-kevitra tamin'ny fandrafetana azy, ka niteraka izao fahatarana izao.

- 2- Inona no antony tsy nampidirana ny tolo-kevitra avy tamin'ny GAFI tato anatin'ity Volavolan-dalàna?

Ny 23 amin'ny tolo-kevitra avy tamin'ny GAFI dia efa voarakitra ato anatin'ity Volavolan-dalàna ity avokoa, fa ny sisa ambiny dia raisina amin'ny alalan'ny Didim-panjakana.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandanianana isan'andiny mikasika ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

- **Famelabelarana ny Antonantony:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy voalohany:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-2:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-3:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-4:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-5:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-6:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-7:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-8:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-9:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-10:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-11:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-12:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-13:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-14:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-15:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-16:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-17:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-18:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-19:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-20:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-21:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- **Andininy faha-22:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana tamin'ny ankapobeny ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nolanian'ny Vaomieran'ny Lalàna tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2023 tamin'ny 04/10/2023 «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2018-043 du 13/02/2019 sur la Lutte Contre le Blanchiment de Capitaux et le Financement du Terrorisme» ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, tamin'ny namakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika ny fivoriana, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha no manao izany voalohany ary aorian'izay vao ny solotenan'ny Governemanta.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Ramatoa RAKOTONDRAJERY Salohy, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana kosa nanambara fa manana fanitsiana momba ny tatitra novakiana teo ny tenany.

Eo amin'ny pejy voalohany, eo amin'ny andraikitra ny teknisiana nisilotena ny Governemanta, laharana faharoa, SAMIFIN no izy fa tsy SARIFIN.

Ao amin'ny pejy faha-2, eo amin'ny andraikitra ny teknisiana ihany, eny amin'ny farany, CSBF no izy fa tsy CJBF.

Ao amin'ny pejy faha-2 hatrany, "paragraphe 2", lalàna laharana faha-2018-043 tamin'ny 13 Febroary 2019 no izy fa tsy lalàna laharana 2018-048 tamin'ny 13 Febroary 2018.

Mbola ao amin'ny pejy faha-2 ihany, tsipika voalohany, fandikan-dalàna no marina fa tsy fandikan-dalàna.

Ao amin'ny pejy faha-6, eo amin'ny tombontsoa laharana faha-2, soloina hoe: "ny fandanian'ny Antenimierampirenena ny lalàna mikasika ny ady amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola amin'ny fampihorohoroana dia maneho ny finiavan'io Andrimpanjakana io amin'ny ady atao amin'ny famotsiam-bola. Ny fandaniana ny lalàna dia anisan'ny fanatanterahana ny "plan de conformité" izay nankatoavin'ny CNOC (Comité National d'Orientation et de Coordination Contre le Blanchiment de Capitaux et le Financement du Terrorisme).

Ao amin'ny pejy faha-6 ihany, valim-panontaniana voalohany, soloina hoe: "fotoana maro no lany tamin'ny famolavolana ity Volavolan-dalàna ity satria betsaka ireo sokajin'asa, rafitra sy fikambanana mety voakasika «institutions financières, associations professionnelles», sns ... izay tsy maintsy nakan-kevitra tamin'ny fandrafetana azy ity. Ankoatran'izay, tsy maintsy nisy ny fikarohana sy fandinihana ny hampifanaraka azy amin'ny lalàna velona misy eto amintsika.

Taorian'izay, nanao satroka Ramatoa RAHERIARIJAONA Regina Clarisse, ka nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana.

Nangataka ny hamerenana ny fanitsiana natao farany teo ny tenany satria nisy tsy voarainy.



Nomarihany koa fa zava-dehibe ho an'ny firenena ity Volavolan-dalàna ity ka tokony tsy hasiana tsipelina diso ary mbola tsy tara izany raha izao no ahitsy.

Namaly Ramatoa RAKOTONDRAJERY Salohy, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, fa izao vao tonga tany amin'ny teknisiana solotenan'ny Governemanta ny tatitra ka izay no antony nahatara ny fanamarihana sy fanitsiana natao teo.

Fanamarihana farany, ao amin'ny pejy faha-7, fanontaniana faha-2, tsy io volaza io no fanontaniana napetraka tao fa manao hoe no izy: "inona no antony tsy ampidirana ireo Tolo-kevitra rehetra avy amin'ny GAFI mba tsy hahatonga antsika ho tafiditra ao anatin'ny "liste grise".

Ny valiteny tamin'izay dia hoe: 15 amin'ny Tolo-kevitra miisa 23 no efa tafiditra ato amin'ity volavolan-dalàna ity. Ny ambiny kosa dia raisina amin'ny alàlan'ny Didim-panjakana sy ny "instruction du CSBF" ary ny "directive" avy amin'ny SAMIFIN. Ireo no somary latsaka tao amin'ny tatitra novakiana teo.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa RAKOTONDRAJERY Salohy, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, tamin'ny fanitsiana ny tatitra nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nanome fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hanazava ny anton'ny Volavolan-dalàna.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RANDRIAMANANTENASOA Landy Mbolatiana, Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana, nambarany fa ny antony nanosika ny Governemanta nandroso ity Volavolan-dalàna ity eto amin'ny Antenimierampirenena dia ho fanamafisana sy ho fanatsarana ny ady atao amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola mikasika ny asa fampihorohoroana. Ady ataon'ny firenena rehetra maneran-tany izy io ary tsy maintsy manao izany koa ny firenena Malagasy satria loza mitatao sy miteraka voka-dratsy ho an'ny olona rehetra ny fisiany.

Maro ny antony anolorana ny Volavolan-dalàna, ka anisan'izany ireto zavatra holazaina manaraka ireto:

Antony araka ny lalàna: efa nanaiky i Madagasikara fa hampifanaraka ny lalàna ao aminy amin'ireo fenitra iraisam-pirenena momba ny ady atao amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny asa fampihorohoroana nanomboka tamin'ny taona 2016. Ny fanarahana ireo Tolo-kevitra avy tamin'ny vondrona mpiara-miasa ara-bola na ny "GAFI" no mari-pandrefesana hoe manaraka ny fenitra iraisam-pirenena isika na tsia raha izany ady atao izany no resahana. Rehefa natao ny tombana momba ny rijan-tenin-dalàna misy eto Madagasikara, raha ny lalàna laharana faha-2018-043 tamin'ny 13 Febroary 2019 no jerena dia hita fa maro ny lesoka mila arenina ao anatin'ny ka nahatonga an'i Madagasikara anisan'ny tafiditra ao amin'ny sata mila arahi-maso akaiky.

Noho izany, natao izao volavolan-dalàna izao mba hampifanaraka ny lalàna eto amintsika amin'ireo Tolo-kevitra na "recommandation du Groupe d'Action Financière" na ny GAFI. Raha fehezina, izay no "motif de droit" nanolorana ity volavolan-dalàna ity.

Eo amin'ny antony ara-politika: mampiseho ny fahavononan'ny fitondram-panjakana hiady amin'ny famotsiam-bola sy hiady amin'ny asa fampihorohoroana ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity. Mifanandrify amin'izany koa ny paikadim-pirenena na ny "strategie nationale de lutte contre le blanchiment de capitaux et le financement du terrorisme"

tamin'ny volana Jona 2022 sy ny fampiharana ny Didim-panjakana momba ny «Comité National d'Orientation et de Coordination».

Marihana koa fa anisan'ny fepetra mahamora ny fahazoan'i Madagasikara famatsiana ara-bola avy amin'ny tahirim-bola iraisam-pirenena ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity.

Mikasika ny ara-toekarena: ny tsy fanarahana ny torohevitra ny GAFI dia mety hitarika ny fivarinana any amin'ny fisokajiana antsika ho ao anaty «liste grise», ka mety hiteraka voka-dratsy maro ho an'i Madagasikara izany. Raha izay no mitranga, ho lasa ratsy laza ny firenentsika amin'ny lafiny tsy fahaiza-mitantana ara-toekarena sy ara-bola. Amin'izay fotoana izay, tsy maintsy ho mafy kokoa ny fepetra hampiarina amin'i Madagasikara ho fiarovana ireo rafitra ara-bola iraisam-pirenena amin'izay mety ho famatsiam-bola ho azon'ny firenena Malagasy. Noho izany, ho sarotra ny famindrana vola any ivelany na ny avy any ivelany hiditra eto amintsika, ka lasa hihena ny fampiasam-bola vahiny na ny «investissement étranger». Hiteraka ny fiakaran'ny vidin'entana avy any ivelany izany ary ho sarotra ihany koa ny fahazoana findramam-bola avy any ivelany ho an'ny olon-tsotra eto an-toerana. Izany hoe, hiteraka fiantraikany ratsy ara-toekarena ho an'ny firenentsika izany rehetra izany.

Momba ny antony ara-tsosialy: hiteraka voka-dratsy eo amin'ny lafiny sosialy ny fivarinana ao anaty "liste grise". Ahiana amin'izay fotoana izay ny hisian'ny sodro-bidim-piainana na ny "inflation", ny fitomboan'ny tsy fananan'asa ho an'ny tanora izay mety hiteraka krizy ara-tsosialy ihany koa.

Ny vokatry andrandraina amin'ny fanavaozana sy fanatsarana izao lalàna izao dia ny hanarenana ny lesoka ao anatiny mba hifanaraka amin'ireo Tolo-kevitra nomen'ny vondrona mpiara-miasa ara-bola amin'ny firenena Malagasy.

Ankehitriny, Tolo-kevitra miisa 17 amin'ireo Tolo-kevitra miisa 40 avy tamin'ny GAFI no efa voahajan'i Madagasikara. Heverina fa rehefa lany ity volavolan-dalàna ity dia hiampy Tolo-kevitra miisa 15 hafa indray no hovoahajantsika. Tsara ny manamarika, fa ny fampifanarahana ireo Tolo-kevitra hafa avy amin'ny GAFI dia ampiharina amin'ny alàlan'ny Didy amam-pitsipika na "acte réglementaire". Raha vao lany ity lalàna ity dia amin'ny alàlan'izay no hanaovana azy. Izany hoe, sorohana ny tsy hivarinan'i Madagasikara any anaty "liste grise" sady mba hahafahantsika miala ihany koa amin'ny satan'ny firenena arahina maso akaiky.

Raha fintinina izay rehetra izay, ny hampiroborobo ny fampiasam-bola madio eto Madagasikara no tena tanjona.

Mikasika ny antsipirian'ny Volavolan-dalàna kosa, marihana fa ahitana andininy miisa 22 izy ity volavolan-dalàna ity ary andininy miisa 13 ao amin'ny Lalàna laharana faha-2018-043 no nasiam-panovàna ary miisa 3 ireo andininy vaovao.

Izay amin'ny ankapobeny no antonanton'ny Volavolan-dalàna aroso eto amin'ny Antenimierampirenena, koa manentana ny Solombavambahoaka mba handany azy ny Governemanta.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Minisitry, tamin'ny famelabelarana nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka nangataka izany.

Nambaran'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, fa tara loatra vao tonga teto amin'ny Antenimierampirenena ny Volavolan-dalàna nentin-dRamatoa Minisitry ny Fitsarana ary raha ny fotoana no jerena, tsy ampy ny fotoana nandinihana azy.

Teo anantrehan'izay, mbola nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ny Volavolan-dalàna anefa ny tenany.

Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot kosa nangataka ny hanokafana ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany any Belo Tsiribihina raha nandray fitenenana. Ny antony, sahirana ny olona manan-draharaha amin'ny fitsarana satria mandeha mamony Distrika hafa.

Nangatahany koa fa tokony hofongorina ireo "investisseur" na ny mpampiasa vola tsy mamerina "devise" na vola vahiny eto Madagasikara. Ny antony, lasa mitotongana hatrany ny lanjan'ny vola Ariary. Izany hoe, mahazo vahana izy ireo kanefa miharatsy hatrany kosa ny toekarena Malagasy.

Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier kosa nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna satria zava-dehibe ho an'ny firenena no raketiny.

Nomarihany koa, fa feno loatra ny fonja ao Mandritsara ka tokony hotsaraina ireo olona mbola tsy voatsara mba hampihena ny isan'ny voafonja.

Nangataka ny hanavaozana ny fonja ihany koa ny tenany satria efa simba izany amin'izao fotoana izao, ka atahorana ny fahavakisany.

Nanao satroka, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré ary nangataka ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna ary aorian'izay vao miresaka amin-dRamatoa Minisitry momba ny hetahetany ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien kosa nanontany ny momba ny resaka "immunité parlementaire" hita ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena. Nomarihany koa fa tsy tokony hosamborina sy hatao fanadihadiana ny Solombavambahoaka rehefa ao anaty fotoam-pivoriana raha tsy nahazo alàlana avy amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAKOTOARISOA Rija Rasoava indray tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony dia nanentana ny Solombavambahoaka handany ny Volavolan-dalàna satria mandeha ny fotoana.

Nomarihany koa fa tsy mandry fahalemana ny Distrikan'Ankazobe satria mbola ahitana ireo mpanao "kidnapping".

Fanampin'izay, nampita hafatra ny tenany, fa tsy misy jiro ihany koa ny toeram-pitsarana any an-toerana ka tokony hojeren'ny tompon'andraikitra akaiky izany.

Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse kosa nanamarika fa mahatsiaro tsy nahavita adidy teo amin'ny firenena ny Solombavambahoaka satria tsy tanteraka ny "question-réponse" fanao teo amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena.

Nambarany kosa fa mety ho an'ny firenena ity Volavolan-dalàna ity mba hisian'ny fanjakana madio sy tsara tantana.

Notsindriany fa betsaka ny lalàna efa lany teto amin'ny Antenimierampirenena kanefa tsy nampiharina ary raha ampiharina aza dia misy olona tsy azo kitihana amin'ny tsy fanarahandalàna ataony.

Nangataka ny hanoloana ny "procureur" sy ny Lehiben'ny Fitsarana ao Antsohihy ihany koa ny tenany satria manjaka loatra ny kolikoly any an-toerana ka izay manam-bola dia tsy migadra mihitsy.

Tamin'ny fandraisana fitenenana nataony no nanambaran'Andriamatoa IDEALSON fa nisy tomponandraikitra nilaza fa nanao fifidianana antsokosoko ny Solombavambahoaka tamin'ny nifidianana ireo mpitsara ho mpikambana ao amin'ny "PAC" na ny "Pôle Anti-Corruption".

Nomarihany koa fa saro-pady ity Volavolan-dalàna ity satria mahakasika olona maro, toy ireo mpametraka vola any amin'ny banky. Noho izany, tokony ho nantsoina avokoa ireo olona voakasika, toy ny "institut bancaire" sy ireo "institution" mikirakira "devise" tamin'ny fandinihana ity Volavolan-dalàna ity mba hisorohana ny resaka hoe mifidy lalàna antsokosoko ny Solombavambahoaka.

Taorian'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka dia nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana mba hamaliany ireo fanontaniana sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka.

Nisaotra an'Andriamatoa Mpitarika fivoriana tamin'ny fanomezam-pitenenana ho azy Ramatoa RANDRIAMANANTENASOA Landy Mbolatiana, Mpitahiry ny Tombokasempanjakana, Minisitry ny Fitsarana ary nanambara fa efa maro ny Solombavambahoaka no nihaona taminy teny Faravohitra. Nomarihany fa nisy ny olana voahana tamin'izany fihaonana izany.

Nambarany koa fa voaray avokoa ny fanamarihana sy fanontanian'ny Solombavambahoaka teo ary mahazo matoky ny rehetra, fa velirano faha-3 nataon'ny Filohampirenena ny ady amin'ny kolikoly ka anisan'ny ho fanatanterahana izany ny fandaniana ity Volavolan-dalàna ity.

Mikasika ny fahafenoan'ny fonja any amin'ireo Distrika voakasik'izany, efa manafaingana ny raharaham-pitsarana ny Minisitery amin'izao fotoana izao ary misy koa ny pôlitika ampiharina momba ny fanatsarana ny fonja.

Nanao satroka Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien ka nangataka ny hamalian-dRamatoa Minisitry ny mikasika ny resaka "immunité parlementaire" satria tsy voavaly izany fanontaniana izany.

Namaly Andriamatoa Mpitarika ny fivoriana, fa tsy manakatom-baravarana Ramatoa Minisitry fa afaka mandeha eny amin'ny biraony ny Solombavambahoaka raha misy tsy mahafapo ny valim-panontaniana narosony teo.

Nandray fitenenana Ramatoa Minisitry ny Fitsarana ary nilaza fa misy tokoa ny "immunité parlementaire" kanefa misy ihany koa ny lalàna velona eto amintsika, toy ny Lalàmpanorenana ary miaraka ampiasaina izy ireo amin'ny fampiharana ny lalàna. Izany hoe, tsy lalàna iray ihany no ampiasaina amin'ny tranga iray tsy fanarahan-dalàna fa lalàna maromaro.

Taorian'izay, niangavy ny Solombavambahoaka ny tenany mba hamaky ny andininy faha-73 ao amin'ny Lalàmpanorenana fa ao no ahitana ao ny resaka "flagrant délit".

Rehefa izany, nisaotra an-dRamatoa Minisitry tamin'ny valin-teny nomeny Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy mikaisa ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2023 tamin'ny 04/10/2023 "modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2018-043 du 13/02/19 sur la Lutte Contre le Blanchiment de Capitaux et le Financement du Terrorisme", ny mpivory.

**Famelabelarana ny Antonantony:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

**Andininy voalohany:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy voalohany.

**Andininy faha-2:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-2.

**Andininy faha-3:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-3.

**Andininy faha-4:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-4.

**Andininy faha-5:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-5.

**Andininy faha-6:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-6.

**Andininy faha-7:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-7.

**Andininy faha-8:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-8.

**Andininy faha-9:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-9.

**Andininy faha-10:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-10.

**Andininy faha-11:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-11.

**Andininy faha-12:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-12.

**Andininy faha-13:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika ny fivoriana fa lany ny Andininy faha-13.

**Andininy faha-14:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-14.

**Andininy faha-15:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-15.

**Andininy faha-16:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-16.

**Andininy faha-17:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-17.

**Andininy faha-18:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-18.

**Andininy faha-19:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-19.

**Andininy faha-20:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-20.

**Andininy faha-21:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-21.

**Andininy faha-22:** nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faha-22.

Taorian'ny fandaniana isan'andininy, nilaza Andriamatoa Mpitarika ny fivoriana fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2023 tamin'ny 04/10/2023 "modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n° 2018-043 du 13/02/19 sur la Lutte Contre le Blanchiment de Capitaux et le Financement du Terrorisme", ny mpivory.

Nambaran'ny fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-022/2023 tamin'ny 04/10/2023 "modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2018-043 du 13/02/19 sur la Lutte Contre le Blanchiment de Capitaux et le Financement du Terrorisme".




Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha misy tian'izy ireo ambara taorian'ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna no nataon-dRamatoa RANDRIAMANANTENASOA Landy Mbolatiana, Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana, raha nandray fitenenana. Nomarihany koa fa vonona hiady amin'ny resaka famotsiam-bola sy famatsiana ny asa fampihorohoroana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta rehetra, tahaka izay koa ny ady atao amin'ny kolikoly.

Fisaorana ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta kosa no navalin'Andriamatoa Mpitarika fivoriana ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna nodiniana teo.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany, ka ny Alakamisy 14 Desambra 2023, amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera handinika ny Tolo-dalàna laharana faha-001-2023/PL «sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme», natolotr'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betroka. Amin'ny 3 ora, tolak'andro kosa no handraisana fanapahan-kevitra amin'ny fivoriambe izany.

Niato tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

  
NY FIDHA  
RAZANAMAHASOA Christine Harijaona